Seces Antananarivo 3

## Tsy avela hoenti-bazaha i Madagasikara satria tan-dalàna

Tsy eken'ny maro ny fifidianana maloto 2

## Tsy avela velively anjakan'ny ratsy ny firenena

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Amin'ny mahazo antsika izao 6

**Niantso ny mpanao facebook hanome vahaolana i Nini Kiaka**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 7 novambra 2023 Laharana 1492 Vidiny : 600 Ar

Sinambotry ny herim-pamoretana ny kandidà Ratsietison 3

# Na inon-kidona na inon-kihàtra mitohy hatrany ny tolona





Zandary sy Polisy sasany 3

# Lasa baribarianina, miàla amin'ny maha mpitandro filaminana azy



Manamboninahitra amperinasa sasany 3

# Ampy izay, ny fitongilanana fanindrahindrana olona ao amin'ny Foloalindahy



Kianjan'ny 13 mey sy Araben'ny Fahaleovantena 2

# Lasa Araben'ny famoretana sy fanagejana vahoaka



**Emmo-Nat** 6

Misy mifofo ny ain'ny kandidà sasany ka hiambina azy ireo izy ireo

**Tafo Mihaavo** 7

Fikambanana 87 nahazo famatsiambola 1,5 tapitrisa dolara

**Daka kely**



Tsy raharahian'ny kil intsony ialahy ry Boaikely na mitondra artista toy ny inona aza a !

KIANJAN'NY 13 MEY SY ARABEN'NY FAHALEOVANTENA

# Lasa Araben'ny famoretana sy fanagejana vahoaka

Nosamborin'ny herim-pamoretana misy amin'izao fotoana omaly, teny amin'ny manodidina ny kianjan'ny 13 mey ny kandidà Jean Jacques Ratsietison. Ankoatra izany, raha halalinina sy hadihadiana ny zava-misy, nohitsakitsahina sy nofafan-dry Andry Rajoelina sy ny forongony ny maha- Araben'ny Fahaleovantena, ny Araben'ny Fahaleovantena eto afovoan-tanànan'Antananarivo. Minia mikimpy tanteraka sy sahy manosihosy am-paladia ny atao hoe « Araben'ny Fahaleovantena » ankehitriny i Ntsay Christian sy ireo minisitra maiaraka aminy, ny Jeneraly Bômba sy ireo senatera miara-dia aminy, ny prefet-n'Antananarivo amin'izao fotoana izao, ary indrindra i Andry Rajoelina. Tsy misy dikany amin'izy intsony izany hoe "Araben'ny Fahaleovantena" izany, izay lalana mamakivaky an'Analakely sy mandalo ny Kianjan'ny 13 Mey. Tsy te hahalala ny tantaram-pirenena akory momba izany izy ireo, fa ny kiribiby hanao hery famoretana ny vahoaka tsy misy afa-tsy izay no hany ao an-tsainy.



*Ny kianjan'ny 13 mey sy ny Araben'ny Fahaleovantena.*

Hery famoretana ny vahoaka tsy ho afaka hidina an-dalambe ka haneho hevitra malalaka hidradradra sy hiantsoantso mafy ny fitakiana fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra, fitakiana fanadiovana ny tokotanim-pifidianana aloha mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana no ampiasain'izy ireo. Ary nohidiana tanteraka tsy ho azo idiran'ny vahoaka ny Kianjan'ny 13 Mey sy ny manodidina. Izany hoe tsy "Araben'ny Fahaleovantena" intsony izany ny faritra iny, fa "Araben'ny famoretana sy fanagejana vahoaka". Tsy natao hoan'izay mitaky fahamarinana hanjaka eto sy izay mitaky ny hampanjakana ny rariny sy hitsiny velively intsony ilay nantsoina hoe "Araben'ny fahaleovantena" nanomboka tamin'ny taona 1960. Nokosehina ny tantara. Tsy tokony ho adinoina velively ny hetsiky ry Jean Ralaimongo tamin'ny 1929 teo Andohan'Analakely, ary avy eo rehefa nahita ny fanambanian'ny mpanjanatany frantsay ny Malagasy dia nirohotra ny vahoaka Malagasy nilahatra avy eny ary nidina namakivaky an'Analakely sy iny arabe: Araben'ny fahaleovantena iny. Tamin'izany no niantsoantson'ny vahoaka mafy ny hoe "Fahaleovantena! Fahaleovantena". Tsy nisy miaramila mpanjanatany frantsay nandrara azy ireo tamin'izany, nefa ao anaty fotoanan'ny fanjanahantany tanteraka tamin'io fotoana io. Misy ny sarindRalaimongo sy ny tsangambatony eo Analakely eo. Izany hoe tokony ho noesorin'ireo mpanao hery famoretana ny vahoaka ankehitriny ireo izany, satria zary toa maneso sy manaraby mihitsy izany amin'ny fihetsika ataon'izy ireo amin'izao fotoana izao. Fa mety ho hataony tokoa izany aoriana kely ao, satria fomba fiasany ny manova ny tantaram-pirenena toy ny nataony teny amin'ny Rovan'i Manjakamiadana. Fomba fiasan'ny saribakoly frantsay tiany apetraka eto hitondra firenena avokoa izany rehetra izany. Ny "Araben'ny fahaleovantena" natao hanehoana tanteraka fa mahaleotena i Madagasikara ary manana fahafahana sy fahalalahana tanteraka ny vahoaka Malagasy. Mifanohitra amin' zany anefa no mitranga amin'izao fotoana izao.

***Sôh'son***

Michel Narcisse Sakaizambahoaka

# Aboahay an-kiaka hazava tsara ny raharaham-pirenena

Maneho hevitra momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana i Michel Narcisse avy amin'ny fikambanana Sakaizambahoaka, aboahay an-kiaka izany hazava tsara hoy izy :

''Nandalo kihon-dalana sarotra ny firenena nanomboka ny taona 2002 ka hatramin'izao taona 2023 izao. Anisan'ny krizy politika goavana ny fifidianana filoham-pirenena taona 2002, izay nifanandrinan'ny antoko TIM sy ny antoko Arema tamin'izany. Vokatr'izany, resy 1er tour tamin'izany ny andrarezina filoha Didier Ratsiraka (Arema) mpanompo mahatokin'ny Frantsay mpanjanatany. Nandresy mazava kosa ny antoko TIM notarihan'ny filoha Ravalomanana Marc anisan'ny mamim-bahoaka. Araka izany, sambany teo amin'ny tantaran'i Madagasikara no tsy afaka nitondra an'i Madagasikara intsony ny mpanompo mahatoky saribakoly voabaikon'ny Frantsay nanomboka ny taona 2002. Tao aorian'izany faharesena izany, nahavita zava-doza tsy roa aman-tany ny mpomba ny filoha Ratsiraka, ka namotika foto-drafitrasa maro, nangorona vola sy harena sarobidy maro ary nitondra nandositra izany rehetra izany tany Frantsa. Ny taona 2002,nanomboka teraka ny lolom-po sy fankahalana sy ny fanenjehan'ny Frantsay sy Ratsiraka, ny filoha Ravalomanana sy ny vahoaka Malagasy. Marihina eto fa nandritra ny 7 taona (2002-2009) no nitondran'ny filoha Ravalomanana an'i Madagasikara. Vokatr'izany, nanomboka nandroso, nivoatra sy nampantanjaka an'i Madagasikara izany fitondrana izany teo amin'ny sehatra ekonomika, sosialy sy politika ary tsapa maneran-tany izany fiantombohan'ny fandrosoana teto Madagasikara izany. Efa nanomana an'Andriamatoa Rajoelina sy ny antoko TGV hanao valifaty politika amin'ny alalan'ny fanonganam-panjakana, tanjona hamerenana indray an'i Madagasikara eo ambany ziogan'ny Franstay i Frantsa. Niteraka ny krizy politika lavareny dimy taona (2009-2014) ary Andriamatoa Rajoelina no filohan'ny tetezamita tamin'izany. Fitantanana tari-tokana, fitondrana jadona tsy refesi-mandidy, fanitsakitsahana lalàm-panorenana, zon'olombelona sy tany tan-dalàna no nanjaka. Nohenjehina ny filoha Marc Ravalomanana, ka lasa nanao sesitany tsy fidiny ny tenany tany Afrika atsimo. Ny taona 2014, efa nanana zom-pirenena Frantsay Andriamatoa Rajoelina vazaha, nafenina mafy izany ka ny taona 2023 vao fanta-bahoaka. Betsaka ny voka-dratsy naterak'izany, ka ny taona 2014 efa notantanan'ilay putchiste Rajoelina vazaha TGV ankolaka ny vahoaka Malagasy. Politika sy fahefana voabaiko iarovana ny tombontsoa miavosan'ny Frantsay sy ireo vahiny mpangoron-karena no notontosain'ity Rajoelina vazaha mpanongam-panjakana ity. Nisy ny accord politique fitadiavana vahaolana maro tamin'izany fanonganam-panjakana izany (Accord politique Maputo, Addis-Abeba), izay niarahan'ny 4 mouvances izany. Fitantanana iarahan'ny 4 mouvances izay vita sonia iraisam-pirenena (Co-présidence) no vahaolan'ny tetezamita iraisana. Transition consensuelle inclusive démocratique transparente juste, no raikitra tamin'izany. Nolavin'Andriamatoa Rajoelina vazaha ankitsirano tsotra izao io fifanekena iraisam-pirenena io, ka voaheloky ny (ONU, UE, SADEC sy ny TPI, sns…) ny 109 mpanongam-panjakana tamin'izany. Tsy nampiharina izany nohon'ny fanelanelanan'ny Frantsay. Mbola fikafika politikan'ny mpanjanatany Frantsay ny vahaolana (Ni Rajoelina- Ni Ravalomanana) ny taona 2014. Voasolo tena ireto farany ka Andriamatoa Jean Louis Robinson no an'ny antoko(TIM) ary Andriamatoa Rajaonarimampianina no an'ny (TGV). Izy roa ireo no kandidà filoha taona (2014). Voaketrika sy voavolavola mialoha ireo rantsa-mangaika nikarakara izany ka fifidianana feno hosoka sy hala-bato bevata no tanjona (HCC , CENI, Gouvernement, députés, sénateurs, maires, sefo FKT, sns…). Tsy ilaina ilay certificat de naturalisation Malagasin-dRajoelina fa hosoka sy fitaka fotsiny hiarovana azy ho kandidà amin'ny taona 2023 ihany izany. Ao ireo gendarme corps spécial miaro ny vahiny sy ny fananany, efa zatra ady, mpamoritra sy mpandrava tolom-bahoaka, mpampihorohoro amin'ny basy aman-tafondro sy lacrymogène miaro fisamborana sy fanagadrana izany. Aoka ho mailo fa hampanao amboletra fifidianana hampandaniana an-dRajoelina ny antoko TGV sy ny Frantsay, no Mission-n'izy ireo. Araky ny ambetitenin-dRajoelina taona 2009 anefa manao hoe : « avelao ilay 50 taona lasa (1960-2010) néocolonialisation 1er tranche io, fa ny 50 taona vaovao (2010-2060) indray no jerentsika miaraka, izany hoe : « Néocolonialisation 2ème tranche izany ». 5 taona ihany anefa ny mandat iray, ka ahoana moa ity Rajoelina vazaha ity no hamaritra 50 taona be izao, fanjanahana an'i Madagasikara tsotra izao izany. Ankehitriny, efa latsaka anaty adin-tsaranga (Lutte de classe) hatry ny ela ny vahoaka Malagasy. Tsy asiana ady hevitra sy fihetseham-po ny tolom-bahoaka. Aleo hiavaka ny vary sy ny tsiparifary. Ireo tena namana mpitolona miaraka amin'ny vahoaka tia tanindrazana hanavotra an'i Madagasikara. Ao kosa ireo olom-bitsy fahavalom-pirenena : mpandrendri-bahoaka, mpivarotra tanindrazana andevom-bazaha TGV mbola te hanohy ny fanjanahana sy fitsetsefana an'i Madagasikara ho eo ambany fifehezan'ny Colon, Capitaliste sy Impérialiste, ka ny hanjakazakan'ireto farany aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe (Océan Indien), ara- ekonomika, sosialy sy ara-géo-politique no tanjon'izy ireo amin'izany. Manan-danja loatra i Madagasikara, rakotra harembe goavana tsy mety ritra RESERVE DES MATIERES PREMIERES INEPUISABLE : ny ILES EPARSES, ary mety BASE MILITAIRE STRATEGIQUE ianteheran'izy ireo ao aoriana ao izany. Voazara bolcs roa izao tontolo izao, anjarantsika ny misafidy lalanjotra politika mety amintsika tahaka ireo firenena Afrikana rahalahitsika afaka teo ambany ziogan'ny Frantsay sy ny forongony tamin'ny tolom-panafahana mavaivay izay novidin-dafo hahazoana ny tena fahaleovantena madio mangarahara : Algérie, Rwanda, Mali, Burkina-Faso, Afrika Atsimo, Niger, sns… Tsy vitantsika samy irery izany, mila tohana ara-piahara-miasa amin'ireo firenen-dehibe matanjaka vonona hanaja ny hasin'ny demokrasiam-bahoaka, ny zon'olombena sy ny tany tan-dalàna. Tsy ekena velively ny kandidà Andry Rajoelina vazaha satria, raha ny masontsivana takiana fotsiny no jerena amin'ny kandidà filoham-pirenena, tena maro tsy tambo isaina ny fahotana mahafaty vitan'ity rangahy ity. Hery lehibe sy goavana ny fikambanan'ireo kandidà 10 izay nianiana imasombahoaka, fa hanavotra an'i Madagasikara tsy ho viravirain'ny Frantsay sy vahiny intsony. Masina ny tanindrazana : « Malagasy vao vahiny » orinasa sy foto-drafitrasa hiasan'ny Malagasy 28 tapitrisa no lohalaharana ary tafi-bahoaka Malagasy hiaro vahoaka no ilaina fa tsy gendarmes hiaro ny tombontsoan'ny vahiny sy ny fananany.

***Nangonin'i Niaina***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Tsy eken'ny maro ny fifidianana maloto

## Tsy avela velively anjakan'ny ratsy ny firenena

Miharihary tsara izany izao fa ampidirina amboletra amin'ny lalao maloto na fifidianana maloto ny vahoaka malagasy, ary ny miezaka manao izany dia i Ntsay Christian sy ireo minisitra miara-dia aminy, ny jeneraly bômba, ny HCC ary ny Ceni, ary ao ambadik'izy rehetra ireo i Andry Rajoelina. Tsy eken'ny maro nefa ny hanatanterahana izany fifidianana maloto izany. Misy ihany koa ireo ampahan'olona misalotra fitafiana volom-boasary manaiky ampidirina hihosona ao anatin'izany loto izany, rehefa avy nomena vola kely sy nosasana atidoha amin'ny lainga mandrotsirotsy amitahana azy. Asakasak'izay manaiky atao an'izany.
Ezahina atao amin'ny fomba rehetra ankehitriny izay amotehana ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 10, mitaky ny hisian'ny fifidiana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra. Niharihary izany tao anatin'ny herinandro maromaro izao, ary niaraha-nahita tsara ireny tamin'ny sabotsy 04 Novambra teo ireny. Nirahina ireo andiana zandary nokaramaina vola hanao sy hampiasa herisetra miharo habibiana manoatra noho ny ataon'ny jiolahy sy dahalo. Nohosihosena tanteraka tsy nasiana indrafo ny zon'olombelona nanerana ny renivohitra, izany hoe nohosihosena ny demôkrasia, ary nihemotra lavitra amin'izany ny firenena. Iaraha-mahalala, fa efa « mafià » mihitsy na vondron'olona mpanao na mpikotrika ratsy baikon'ny vola sy fiarovan-tombontsoa manokana, no mihazom-pahefana amin'izao fotoana izao. Hany ka izay no mahatonga ny maro, indrindra ny tena kristiana mivavaka no mamaritra ny zava-misy hoe ady amin'ilay ratsy no atrehina eto. Ilay ratsy tsy mahazaka ny fahamarinana, ny rariny sy tsy hitsiny hanjaka eto amin'ity firenena ity. Izany toetra izany dia tena manao izay hampilentika ny firenena tanteraka, satria tsotra sy mazava fa ny fahamarinana ihany no hany manandratra ny firenena.
Raha avela hihosona amin'ny loto sy atao amboletra ny fifidianana eto, tsy hanjary mihitsy ny ho vokatr'izany eto na hihodin-kavia na hihodin-kavanana ireo mikotrika izany. Vao mainka hilentika ity firenena ity, ary tsy vitan'izany fotsiny, fa ho lasa sy hanjakan'ny vahiny, indrindra ny Frantsay ambongadiny ity firenena ity, izay hangorobaka tanteraka ny harempirenena eto. Ho voa mafy amin'izany ny taranaka any aoriana, fa tsy hisy harena avy amin'ny razany holovainy intsony, fa efa lasan'ny vahiny sy ireo olombitsy malagasy iray petsapetsa amin'izy ireo avokoa. Izay indrindra no itoloman'ny vahoaka ankehitriny, mba tsy ho tonga amin'izany, ary tena fitiavana lehibe ny firenena izany.
Tsy azo ekena ny hamela ny firenena hihosona amin'ny loto toy izao. Tsy mendrika an'izany ny vahoaka malagasy, izay tokony hanana ny maha izy azy ary tsy ho mena-mitaha amin'ny hafa. Tsy maintsy sakanana amin'ny fomba rehetra ny tetika maizina ataon'ireo mihazom-pahefana, sy olom-bitsy miaro tombontsoa manokana tsy miahotra sy tsy matahotra kely akory ny hivarotra ny tanindrazana. Efa mandeha izany hetsika izany ankehitriny ary hampaherezina ny olom-pirenena rehetra manao ny tolona amin'ny endriny samihafa rehetra. Tsy avela anjakana sy ho potehin'ny ratsy ny firenena.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Sinambotry ny herim-pamoretana ny kandidà Ratsietison

# Na inon-kidona na inon-kihàtra, mitohy hatrany ny tolona

Ny sabotsy lasa teo vao tena nanomboka ny ady amin'ny fanjanahantany tarihan'i Andry Nirina Rajoelina, frantsay, miaraka amin'ireo « gardes indigènes » gasy ka iaraha- mahalala ny famoretana tamin'ny fanipazana baomba mandatsa-dranomaso sy fisamborana olona am-polony natao tamin'ireo vahoaka mitaky ny hampiharana ireo teboka efatra momba ny tsy fanekena ny hirosoana amin'ny fifidianana ny 16 novambra 2023. Koa dia mitohy hatrany ny tolona na ho vy na ho vato, na inon-kidona na inon-kihàtra hoy ny Vondron'ireo Kandidà sy ny olompirenena mitaky ny fiverenana amin'ny tany tan-dalàna. Anisan'izany fitakian'ny Vondron'ny kandidà izany ny fandravana ireo rafitra miandraikitra ny fifidianana, Ceni, Hcc, sy ny fanovàna ny fitsipika mifehy ny fifidianana ary indrindra indrindra ny tsy fanekena ny maha kandidà an'i Andry Nirina Rajoelina izay nanary ny zom-pirenena malagasy satria nangataka ny zom-pirenena frantsay izy. Ny tsy kely indrindra koa dia ny fandravana ny governemanta mitanila io. Na iza na iza Malagasy tia ny tanindrazany dia tsy hanaiky intsony ho filoham-pirenena vahiny iray toa an'i Andry Nirina Rajoelina, izay efa namahan-dalitra ny Malagasy sy namadika Tanindrazana ny taona 2018. Fototry ny olana lehibe dia ny faneken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny maha kandidà an'i Andry Nirina Rajoelina kanefa efa fatam-poko fatam-pirenena sy izao tontolo izao ny maha frantsay azy. Ny sabotsy lasa teo dia tsy azo nidirana teo amin'ny Kianjan'ny 13 mey kanefa ny milisy niaraka tamin'ny herim-pamoretana dia nandrava ny vahoaka amin'ny toerana lavitra ny kianja: Ankadifotsy, Antaninandro, Andravoahangy, Isotry izay lavitra ny kianja nosalorana ho « faritra mena » indray. Ary nampiseho habibiana ireo herimpamoretana ka nampiasa fitaovam-piadiana mahery vaika toy ny grenady mankarenin-tsofina (grenades assourdissantes) sy bomba mandatsa-dranomaso manaparitaka poti-by mandratra. Maro ireo fihoarampefy nataon'ny herim-pamoretana toy ny fanipazana baomba mandatsa-dranomaso tany antokotanin'olona tao an-tranony, nisakafo fa tsy teny an-dàlambe. Nisy koa ny fanipazana bomba mandatsa-dranomaso tamin'ny fiaran'ny kandidà, tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana, ka teo amin'ny tandrifin'ny toerana eo aloha tokony nisy azy. Tsy nionona tamin'ny fisamborana ireto iraky ny kandidà frantsay ireto fa nidaroka sy nanompa ireo olona nosamboriny. Mibaribary ihany koa ny fitanilàna ataon'ny mpibaiko ny herim-pamoretana satria nanao ny diabe tany amin'ny toerana izay tiany ny mpitafy akanjo lokom-boasary. Ny tranga rehetra tamin'ny sabotsy dia nihoa-pefy ny mpiaro ny kandidà frantsay ary azo inoana fa izy ihany no mbola mifehy ireo rafitra rehetra mitantana ny firenena amin'izao fotoana izao. Nanaitra ihany koa etsy an-daniny ny fandraisan'ny filohan'ny Antenimierandoholona andraikitra tamin'ny fivoriana niarahany tamin'ny FFKM sy ireo vondrona iraisam-pirenena, momba ny fitadiavana vahaolona manoloana izao krizy politika mivaivay izao. Tsy sarotra ny zavatra kinendry amin'izao hetsika izao dia ny fikaonan-dohan'ny herivelona rehetra eto amin'ny Firenena araka ny fahendrena Malagasy « Isavorivorian-kilantoana » kanefa dia miziriziry tsy hanatrika izay rehetra fampiantsoana ny kandidà frantsay Rajoelina, satria tsy azo ihodivirana fa malemy ary tsy manan-tsaina sy fomba hoentina miala amin'ny maha vazaha frantsay azy izy. Ireo mpiaro azy koa etsy an-kilany dia tsy afaka mandà ny baiko, satria raha midoboka eo ity olona arovany dia ho sahirana izy ireo eo amin'ny fiarahamonina ary dia ho tratra farany eo, satria tsy hisy hitondra azy ireo hitsoaka any ivelany rehefa tonga tokoa ny tokony. Tokony hieritreritra ny mpanatanteraka an-jambany ny baiko omena azy, satria tena am-pilaminana tanteraka hatrany ny hetsika tarihan'ny Vondron'ny Kandidà, ka tsy tokony hisy ny fisamborana sy fidarohana olompirenena. Amin'ny fotoana anoratana izao dia mbola mitohy ny hetsika ka any amin'ny toerana maro samihafa ireo kandidà ary araka ny vaovao voaray dia nosamborina teny Tsaralalàna ny kandidà Ratsisetison Jean Jacques. Misy koa ny fihantsiana ataon'ny andian'olona mpiaradia amin'ny mpitondra amin'ny kandidà Ratsiraka Roland ka mihogahoga hoe : « aleo handeha ny fifidianana », satria hono tsy mandeha ny tsenan'izy ireo amin'izao fotoana anaovan'ny Vondron'ny Kandidà Hetsika Fotsy izao. Samy manana ny heviny ny olona tsirairay avy kanefa nampanan-karena azy ireo ve ny varotra nataony tamin'izay dimy taona lasa izay ? Tsy misy matahotra fifidianana fa tsy amin'izao fepetra (conditions) iainana sy tsy fifampitokisana mahazo laka amin'izao fotoana izao. Na izany na tsy izany, tsy azo ekena kosa raha vazaha frantsay no anisan'ny kandidà ho fidiana filoham-pirenena.

***Andry Tsiavalona***

Seces Antananarivo

# Tsy avela hoenti-bazaha i Madagasikara satria tany tan-dalàna



*Ny filohan'ny Seces Antananarivo.*

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena ny faran'ny herinandro teo ny Seces Antananarivo, na ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka, sy ny mpikaroka mpampianatra amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Milaza izy ireo fa :''miara-ory sy mampionona ireo namoy havana, noho ny hetraketraka niseho tamin'ny sabotsy teo teny amin'ny manodidina an'Analakely ny SECES ary mirary fahasitranan ho an'ireo naratra vokatry ny habibiana nataon'ireo fahavalom-pirenena. Miantso ny vahoaka mba ho tony, sy hanaja ny fiandrianam-pirenena ary ny soatoavina malagasy, miantso ny manam-panahy rehetra koa handray andraikitra satria latsaka ankaterena ny firenena. Tsy avela hoentim-bazaha i Madagasikara satria tany tandalàna.'' Efa maro ireo naneho hevitra momba ny mbola tsy maha-mety ny hanatanterahana fifidianana ho avy io, sy ny tsy fanekena intsony ny hitondran'ny ninia naka zom-pirenena Frantsay toa an-dRajoelina, an'i Madagasikara. Tsy vitsy ireo mpanao politika efa nilaza ny heviny, ny fiarahamonim-pirenena, ny fikambanana samy hafa, ny mpampianatra, ny sendikà,… Andrasana kosa ny fanamafisan'ny mpitsara an'izany sy ny Foloalindahy, amin'izao tsy fanarahan-dalàna maro misy izao, ka mba ho fifidianana madio sy mangaraharaha ary eken'ny rehetra no hatao, ao aorian'ny fifampidinihana izay hita fa tsy ho azo ihodivirana tsy ho ela.

***Nangonin'Isambilo***

Manamboninahitra amperinasa sasany

# Ampy izay, ny « fitongilanana fanindrahindrana olona ao amin'ny Foloalindahy »

Nisy indray ny fanambarana faha-2, nataon'ireo manamboninahitra sasany amperinasa, ao anivon'ny Foloalindahy. Misy fitongilanana fanindrahindrana olona, na ''Culte de personnalité dans les Forces Armées'' ankehitriny hoy izy ireo :

''Voalohany, eto dia samy miaramila, samy nianatra, fa misy ny tena miaramila, fa misy no milaza fa "élite", élite amin'ny manipulation, élite amin'ny corruption angamba? Raha ny resaka heno dia efa samy leo ry zalahy miaramila ireo, leo ny "culte de personnalité", leo ny famitahan'ireo karana sy mpamatsy vola malagasy sasany ireo. Samy miteraka, samy manan-taranaka, samy te hanana zanaka mendrika sy tafita na Tafika na zandary na polisy. Ireo mahazo tombony no matahotra an'Ingahy Marc Ravalomanana, dia ny rehetra no lotoin'ireo zandary ireo, noho ny amin'ny fanimbana ny Image-ny miaramila, ka anakaramana ireo sous- officiers sasantsasany ireo, mba hamono sy hanompa, hamely Big boss amin'ny ankizy tanora malagasy zanantsika. Ampy izay e!

2/ Star, vedette amin'ny alahelon'ny hafa ianao. Tsy frère d'armes no filazana an'izany. Tsy manana niveau ny olona nanaovanao ady hevitra tamin'ny Réal TV, fa aza atao référence aminay ireny resaka tao ireny. Au contraire, ianao laozanao mampidina ny laharamboninahitra ny Miaramila malagasy, ka handeha hanao culte de personnalité tahak'ireny. Na ianao mijanona miaramila, na miala mandeha manao politique, dia afaka mifamaly amin'izay olona voadoana saina eny rehetra eny.

3/ Raha resaka crash d'hélico ohatra, dia tsotra be ny resaka: iza aminareo efadahy: Praiministra Ntsay Christian, Jeneraly MDN teo aloha 2021 Rakotonirina Léon Richard, ianao, plus ilay Pilote Vazah inoanareo teny io, no ho afaka hiala tsy ho responsable amin'iny fianjerena hélicoptère tany Mahambo iny: Pilote efa tsy nety nisidina, niantso ny vadiny sy ny lehibeny, mba tsy hisidina intsony, noho ny andro ratsy sy ny lera efa dify. Pilote efa nilaza, fa tsy afaka ny hanidina intsony, fa hors des heures mbola mety azo hanidinana. Kanefa, dia mbola noterenareo ihany hanidina, fa tsy te hatory tao Soanierana Ivongo ianareo. Mahay météo mihoatra ny pilote ianao ry ngahy tampom-pahaizana, sa izao élite izao? Dia manabado ny pilote fa hoe Tafika ilay pilote? Ka raha tsy izany ve natao sy nalainareo ho fanananareo ilay avion, mbola Culte de personnalité koa izany.

3/ Sao mila ampahatsiahivina kely, fa raha resaka "puissance de feux" dia ny Tafika no élite ry zalahy a! Ka handeha hahasahy ianareo hanilika Tafika amin'ny Réunion, na hanolo ny responsable ny Tafika mety hanelingelina anareo !

4/ milaza ianao, fa tsy hivaky ny Forces, iza moa no maniry an'izany, fa tsy vokatr'io fitiavam-bola tafahoatra ataonareo ao io ihany. Manginy fotsiny io resaka favoritisme, sy culte de personnalité ataonareo io: Ministre des travaux publiques avy koa ataonareo zandary, sa lany asa ny zandary, satria ny rahalahy ao amin'ny Tafika tsy misy mahay intsony, ianareo ao amin'ny Génie militaire ao ireo dondrona avy izany ? Ny chef d'État forcé-na ho zandary, sa izay ilay hoe Milice, Paramilitaire fa tsy miaramila ny zandary.

5/ Miara-maloto daholo isika forces jiaby, satria ny zandary mahay loatra, ka tsy ilaina ny police ho leader ny EMMO, omena ny zandary ny mitantana vola ny EMMO, tsy mahay mitantana ve ny police sa mba hahazahoanay faramparany? Ampy izay zalahy a! Ho an'ny Tanindrazana.

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

## Faritra mena hoe ?

Na faritra fotsy io na faritra mena,  
Ny hetsika ataonay dia am-pahendrena,  
Fa tena hijoro izahay ka hitaky  
Kanefa tsy asianay atody iray vaky !

Na faritra fotsy io na faritra mena  
Dia io ilay kianjan'ny fahaleovantena,  
Ka eo no hilazanay vahoaka mifoha  
Fa tsy misy vazaha azo ekena ho filoha !

Na faritra fotsy io na faritra mena,  
Tsy maintsy miroso no teny nomena.  
Ny foza no fatra-panao dia mianòtra,  
Fa tsy mba ny gasy madio sady tsotra !

Na faritra fotsy io na faritra mena  
Efa latsaka an-davaka ny firenena,  
Ka ny hany vahaolana : esory ny foza  
F'ireo no mpanimba sy mpitondra loza !

…Komity manokana no aoka hiomanana,  
Hitantana sady hampanao fifidianana.  
Izay no hany lalana tsy manahirana,  
Nefa koa lalana tsy azo ihodivirana !

***DADAN'i RIANA (03-11-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

RC, Helisoa

**Hetsika FOTSY tany Antsirabe faritra Vakinankaratra ny sabotsy teo : diabe ampilaminana niainga tao amin'ny Magro Avaratsena nihazo ny tsangambaton'ny fahaleovantena. Tonga maro ireo mpanaraka ny Vondron'ireo Kandidà.**






**Habibiana nataona zandary sy polisy, nandritra ny hetsika am-pilaminana nihazo ny kianjan'ny 13 mey, ny sabotsy teo.**









**Mpitolona niaraka tamin'ny Vondron'ireo Kandidà, nosamborin'ny herim-pamoretan'ny fitondrana ny sabotsy teo, teto Antananarivo.**





## NY TENY FIAINANA




*"Fa izany no nahafatesan'i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon'ny maty sy ny velona Izy."*
***Romana 14:9***

### COUPE DE MADAGASCAR DE VOLLEYBALL U23, 2023

# Azon'ny ekipan'ny GNVB avokoa ny amboara

Nanao pao-droa ny ekipan'ny GNVB Analamanga teo amin'ny fifaninanana volleyball, niadiana ny « Coupe de Madagascar 2023 », izay notontosaina tany amin'ny kianja « Complexe Sportif Ampisikina Mahajanga », tamin'ny alahady 5 novambra 2023 teo, fa samy azony avokoa ny amboara lahy sy vavy tamin'ity fifanianana ity. Vokatra farany : « Final fille » : GNVB 3 (25,25,25) - BI AS 0 (14,9,21) « Final garçon » : GNVB 3 (25, 25,21,25) - CVBF 1 (21, 20,25,23) « 3e place fille » : ASI 2 - MVBC Boeny 3 « 3e place garçon » : ASI 3 - CSVBC 1.

**Rainilita**




*GNVB U23 lahy sy vavy tany Mahajanga.*

### Championnat Football Tanà-ville 2022-2023

# Tontosa tamin'ny alahady teo

Tontosa tamin'ny alahady 5 novambra 2023 teo, teny amin'ny kianja « Elgeco Plus Stadium By Pass », ireo lalao famaran'ny fifaninanana « Championnat de Football Tanà-ville 2022 – 2023 », nokarakarain'ny seksionan'ny baolina kitra Antananarivo Renivohitra, tantanan-dRaharimandimby Jean Serge (Babaina) teo amin'ny sokajy 6 ka hatramin'ny 20 taona. Vokatra rehetra azo 6-7-8 ans : Fc Byern 0 – 5 Ezama, 9-10 ans : Five 0(4) - (3) 0 Eft, 11-12 ans : Fc Jim Miray 0(4) – (3)0 Fft, 13-14 ans : Spartiates 0 – 1 Five Ac, 15-16 ans : Mada Foot 1(5) – (2)1 Fffi Foot, 17-18 ans : Jsem 1 – 0 As Fivoarana , 19-20 ans : Us Pro 3 – 1 Dodol.

**Rainilita**



*Ny filohan'ny seksion'ny baolina kitra Tanà ville.*

### Championnat Inter Section Football 2023 Atsinanana

# Hahemotra amin'ny 3 desambra ny famaranana



*Mpifanandrina tany Mahanoro.*

Voatery hahemotra amin'ny alahady 3 desambra 2023 ho avy izao, ny lalao famaranana ny fifaninanana baolina kitra : « Championnat Inter Section Football 2023 Atsinanana », tokony ho notanterahina tamin'ny alahady 5 novambra lasa teo tany Mahanoro, noho ny antony miankina amin-dry zareo mpikarakara. Any Mahanoro ihany raha ny fantatra, no hanatanterahana an'ity famaranana ity, izay hifanandrinan'ny Tiaspam Mahanoro sy ny Fc Vatomandry, fa ny lalao fiadian-toerana faha-3 kosa hifanandrinan'ny As c Brickaville sy ny Ajeset Toamasina I, no hotanterahina any Brickaville. Marihana fa nanomboka tamin'ny alahady 29 oktobra 2023, ka tokony nifarana tamin'ny 5 novambra teo ity fifaninanana ity, ka nandraisan'ny ekipan'i Toamasina I, Toamasina faha-II, Brickaville, Vatomandry ary Mahanoro mpampiantrano anjara, izay samy tompondaka tamin'ny 2022 avy. Nozaraina vondrona roa ireo mpifaninana niisa 6 nandray anjara tamin'izany, ka tao amin'ny Vondrona A no nisy ny ekipan'ny As c Brickaville, Mangarano Fc Toamasina I ary Fc Vatomandry. Tao amin'ny vondrona B kosa no nahitana ny ekipan'ny Ajeset Toamasina I, Fc Zamia Toamasina II ary ny Tiaspam Mahanoro.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina henomby sy haricot vert indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hatao ritra izany, na hatao ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Mampijanona ny fadimbolana tsy mety mijanona ny romba

Mampijanona ny fadimbolana tsy mety mijanona ny romba, io indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Matetika rehefa reraka be ireny na stressé dia mandeha ny fadimbolana, na mandeha tsy mety mijanona ireny fotsiny. Hanalana an'izany sy mba hampijanona an'ilay rà haingana dia maka ravina romba eraky ny tanana (maromaro), sasana madio tsara, avy eo totoina dia fihazana tsara mba hamoaka ranony. Vita izay dia tapohana rano mafana, atao mitovy fatra amin' ilay ranon'ny romba azo avy nototoina iny. Afangaro amin'ny tantely eraky ny sotro fihinana. Sotroina isaky ny alohan'ny hatory amin'ny alina. Atao ao anatin'ny 3 ka hatramin'ny 5 andro.



Amin'ny fotoana anaovana azy dia mety handeha be ny rà sady hivaingambaingana fa tsy maninona. Mety ho an'ny olona mitady zaza ihany koa ity fomba natoraly ity, satria manafana ny tranon-jaza.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Andranobolaha distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Andranobolaha distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranobolaha ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina faha-2. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny soanambo. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny ampalibe, ny akondro. Mpamboly sy mpiompy akoho amam-borona ny ankamaroan'ny mponina.



**EMMO-NAT**

# Misy mifofo ny ain'ny kandidà sasany ka hiambina azy ireo izy ireo

Misy mifofo ny ain'ny kanidà sasany, ka hiambina azy ireo ny Emmo-Nat, raha ny nambaran'izy ireo teny amin'ny Toby Ratsimandrava omaly, nitafa tamin'ny mpanao gazety. Ny lehiben'ny mpitandro filaminana avy amin'ny miaramila, ny zandary ary ny polisy no niatrika ireo mpampita vaovao tamin'izany. Nilaza izy ireo fa hisy tompon'andraikitra hiresaka amin'izy 13 mirahalahy kandidà tsy ankanavaka, ka izy ireo ihany no hisafidy izay tiany hiambina azy sy ny fianakaviany. Nilaza ihany koa ireto lehibena Be Baoty ireto fa :''misy ny sasany aminay tratran'ny tendrimpo tsy mba namana, ka efa manitsy azy ireo izahay. Tsy maintsy misy ny fepetra ho raisina". Ny amin'ireo zandary sy polisy nanao barofo sy herisetra ny sabotsy teo io. Nomarihany :''araka ny voalazan'ny Préfet dia maratra no nisy fa tsy nisy maty tamin'iny hetsika tamin'ny sabotsy iny. Ny tena antom-pisian'ny mpitandro filaminana dia ho tombontsoan'ny besinimaro. Tsy misy mihitsy ny fanakanana olona handeha hiasa. Zoky, zandry, zanaka, rahalahy, anadahy sy anabavintsika ny mpitandro filaminana fa tsy fahavalo. Izahay koa tsy mihevitra anareo ho fahavalo. Mpirahalahy mianala isika", hoy ihany ny fanambarany. Ny fitanilana ataon'izy ireo no mahatonga ny olona tezitra aminy ankehitriny, tsy tokony hisy arak'izany ny fironana amin'ny atsy na ny aroa ataon'ireo mpitandro filaminana ireo, aleo haneho hevitra am-pilaminana ny olona mpiara-dia amin'ny vondron'ny kandidà, milamina hatrany ny hetsik'izy ireo nandritra izay andro maro nisian'ny tolona ho amin'ny fifidianana madio sy ny fandavana kandidà vazaha hitondra firenena ary ny fiverenana amin'ny fanjakana tan-dalàna.



*Ireo mpitarika ny Emmo-Nat nitafa tamin'ny gazety omaly.*

***Stefa***

Zandary sy Polisy sasany

# Lasa baribarianina, miàla amin'ny maha mpitandro filaminana azy

Rehefa tsy manao ny asa maha mpitandro filaminana azy intsony ny zandary sy polisy dia intsony ny ilàna azy fa lasa mpihetraketraka? Niarahanahita ny habibiana nataon'izy ireo ny Sabotsy 04 Novambra lasa teo nanodidina, sy indrindra ivelan'ny kianjan'ny 13 Mey. Ankoatra ny fandefasana gazy lakrimôzena nanempotra olom-pirenena maro na nanao hetsika na tsia hatramin'ny zaza menavava, na teny an-dalambe na hatrany an-tranon'olona, nanimba fananan'olona, dia nisy koa ireo herisetra samihafa nataon'izy ireo. Nisy fisavana sakaosin'izay nifanena taminy, niaraka tamin'ny daroka izay voasava, ny fisavana sy fanapotehana finday, ny fandroahan'olona tsy teny an-tsisin-dalambe rehetra, ny fanenjehana hatrany anelakelan-trano sy fisavana trano fonenan'olona. Lasa lavitra ny fihetsika mamohehitra feno habibiana nataon'ireo zandary sy polisy ary tsy mendrika intsony mihitsy antsoina hoe mpitandro filaminana. Efa fihetsika jiolahy mpanendaka sy dahalo no nataon'izy ireo. Indraindray aza ny mpanendaka tsy mikasi-tanana fa maka na manendaka izay ilainy amin'i lay olona tratrany fotsiny dia lasa izy. Izany hoe mihoatra ireo olon-dratsy izay fahavalom-bahoaka mihitsy no nataon'izy ireo ny sabotsy lasa iny. Olona mandeha mody maka sisin'arabe, tsy hanaraka fihetsiketsehana akory fa nandeha am-pilaminana avy dia ivoahana amin'ny fiara dia tifirina amin'ny fitaovana ny masony ho sempotra. Habibiana tsotra izao no natao. Efa tsy izy intsony izany ary tsy azo ekena intsony ho mpitandro filaminana no iantsoana azy ireo, fa tokony ampisalorana anarana hafa mifanalavitra amin'izany. Efa fihetsika baribariana tanteraka no atao, ary firenena malagasy mihitsy no alam-baraka amin'ny ivelany. Tsy misy manao ireny fihetsika ireny raha mbola zandary sy polisy any ivelany any, fa eto Madagasikara irery ihany no ahitana an'izany. Izany no vokatry ny fanjakan'i Baroa nampitoerin'ny HCC amin'izao fotoana izao. Marihina ihany anefa, fa tsy ireo zandary rehetra akory no nanao izay fihetsika baribariana izay, fa ireo andiana zandary na misalotra fanamiana zandary nokaramaina vola ninia nikimpy hanosihosy ny fahamarinana, ny rariny sy hitsiny mila ampanjakaina eto amin'ity firenena ity. Kanefa hoy ny Ntaolo malagasy izay hoe: fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka. Ka mila miavaka sy manavaka ny tenany tsy hifangaro amin'ireo ratsy mandoto ny maha izy azy ny zandary sy polisy malagasy izy ireo, fa tena fotoanany izao, mba tsy ataon'ny vahoaka anaty kitapo iray.



*Habibiana nataona zandary sy polisy nisaron-tava ny sabotsy teo tamina renim-pianakaviana.*

***Sôh'son***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Amin'ny mahazo antsika izao
## Niantso ny mpanao facebook hanome vahaolana i Nini Kiaka



**Herinirina Andrian :** ry akamako, lazao ny vahaolana avy aminareo @ izao manjo antsika izao. Raha mety,tsy asiana hanihany... SITRAKA BE DIA BE.

**HariSeheno Rakoto :** coucou Nini !

**Yocline Andrianavalomanana :** asiana concert Kiaka eo am 13 mai, sa ve diso ?

**Randriamasinoro Gothlieb Herinaivo : Yocline Andrianavalomanana :** k'efa hoe serieux kosa eh . Tena efa grave ity raharahampirenena ity ...

**Yocline Andrianavalomanana : Randriamasinoro Gothlieb Herinaivo :** ka zahay koa anie mba mitady ho very fanahy mbola velona dia aleo any amin'ny mozika no handinihana azy eh !

**Holly Fitiavana :** ilay force malagasy efa misy tonga saina fa mbola tsy sahy nidina niaraka tamin'ny vahoaka, ary irariana mba hanampy ny vahoaka ny tafika ary tsy misy vahaolana afa tsy izay raha te hiakatra eo amin'ny 13mai. Ny zandary ihany hatreto reo be style reo.

**Hary Tiana :** mila mivavaka tsika.

**Aina Tsilavo :** mila fijoroan' ireo tonga saina rehetra. Tsy voasakanao zahay, n'inona n'inona ataoanao, na tady mazaka na rojo vy.

**Hobi Andriamihanta :** tsy afaka ny hiteny intsony kosa aho @ty topic ty hoe " tsara lesy izao manjo antsika izao !"

**Velo Ramino :** zany ny henjana !

**Tsiaro Hajaina Ravohitrarivo :** 13 mey ihany no vahaolana, eo ihany no fandrefesana hoe mitsoka mankaiza ny rivotra.

**Herizo Razafindramanana :** ireto hery famoretana mamono sy manenjika olona, manimba fananan'olona ireto no lasa olana... tsy mila kivy nefa, fa mila tohizana ny tolona fa efa miha-faible zareo matoa mampiasa hery ohatran'io... Mila manova strategie ihany koa ireo mpitarika.

**Nanie Andrianary :** ny vaha olana?

1-Ny @zao aloha dia avela hiditra eo @ 13 mai ny 10, ambenan'ireo gendarmes ireo tsara fotsiny ny lapan'ny tanàna raha io no atahorana.

2-Ahemotra ny fifidianana.

3- manala ny zom-pirenena vahiny ananany ny n°3 raha tena tia tanindrazana tokoa,sy te hirotsaka ho fidiana.

4-Ovaina ny membre ny HCC, mila olona neutre (tsy sûre aho hoe misy anefa izany).

5-Samy miezaka manatsara sy MANKAFY FIAINANA.

**Judith Velosoa :** mila ravana CENI, rafitra hita mitanila à l'avance.


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Nandrianina R.**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**04/11/2023 hatramin'ny 11/11/2023**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 54032/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1492-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TAFO MIHAAVO**

# Fikambanana miisa 87 nahazo famatsiambola 1,5 tapitrisa dolara

Famatsiambola mitentina 1,5 tapitrisa dolara amerikana indray, no azon'ny fikambanana miisa 87 ao amin'ny Tafo Mihaavo, ho fiarovana ny tontolo iainana, ao anatin'ilay famatsiambola GEF SGP PNUD Madagasikara, na famatsiambola madinika erantany momba ny tontolo iainana, ho an'ny fokonolona eny ifotony sy ny fiarahamonimpirenena. Nambaran'ny filohan'ny Tafo Mihaavo, na Tambazotran'ny Fokonolona Mitantana ny Harena Voajanahary eto Madagasikara, Razafimanandraibe Louis de Gonzague, fa noho ny fahatokisan'ny mpamatsy vola ity tambazotra mpiaro ny tontolo iainana ity, no nahazoana izao famatsiam-bola izao, izay efa miditra amin'ny andiany faha-7. Ny sehatra iasan'ireo fikambanana 87 nahazo fanampiana ireo dia eo amin'ny sehatry ny fiarovana ny tontolo iainana an-dranomasina, sy an-dranomamy ary an-tanety. Ny sehatry ny fanamafisana ny fahaizamanaon'ny mpikambana. Ny sehatry ny fanaraha-maso ny tetikasa. Ny asa mifandraika amin'ny fiaraha-miasa amin'ny tompon'andraiki-panjakana eny ifotony. Ny fanamboarana tohadrano, sekoly, trano ho an'ny mpitandro filaminana,... Ny fanomezana jiro sy angôvo ho an'ny mpikambana, amin'ny angôvo avy amin'ny masoandro. Ny sehatry ny fampidirana rano. Ny famokarana angôvo biôlôjika avy amin'ny loto, toy ny avy amin'ny taim-biby, na tain'olombelona,… Asa amin'ny fanatevenana ny fametrahana ny dina eo amin'ny lafiny fandriampahalemana ary ny asa fanaovana tombana ny tetikasa rehetra.



*Ny filohan'ny vondrom-pikambanana Tafo Mihaavo.*

**Aly**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mila sitranina maika ny fiaraha-monina ankehitriny

Aza miharoharo amin'ny ratsy. Tsy mety amin'ny olo-marina sy indrindra ny kristiana ny fifangaroana amin'izay manao ny tsy marina, izany hoe ny miara-manao asa na zavatra amin'ny mpanao ratsy. "Aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao", hoy ny ambaran'ny Soratra Masina ao amin'ny Baiboly. Izao tontolo izao, toy ny eto amin'ity firenena ity, dia anjakan'ny fahalovana tanteraka. Izany hoe anjakan'ny ratsy. Ny ratsy, dia ny kolikoly, asan'ny maizina, halatra, ny zava-tsy marina amin'ny endriny samihafa, ny tsy fanajana ny rariny sy hitsiny, ny fanosihosena ny zon'olombelona. Efa misy olona voafatotr'izany tanteraka eto amin'ity firenena ity ary tsy mahalala afa-tsy ny hanao ratsy mandrakariva. Mila mahay manavaka azy ireo ny olom-pirenena mandala ny fahamarinana sy indrindra ny tena kristiana, ary miezaka mafy manome môdely halain-tahaka. Ny mba hitarihana ny fiaraha-monina ho amin'ny tsara sy izay hahasoa azy no anton'izany, ka tsy ho voarebireby na tratry ny vela-pandrik'ilay Satana izay mpanjakan'ny haratsiana sy ny asan'ny maizina hiara-hilona aminy ao anaty fahalovana izay kolokoloiny fatratra.
"Ny tsy marina tsy mahalala henatra", hoy ny ambaran'ny Soratra Masina ihany. Ny ratsy tsy mahalala henatra intsony, fa efa miaina ao anatin'ny haizina izay feno haratsiana izy tsinona. Hany ka ataony avokoa izao karazam-paharatsiana rehetra izao hahatongavany amin'izay iriany. Mifanohitra amin'ny foto-pisainana kristiana anefa izany, ary miavaka amin'ny maha olom-pirenena vanona. Mila sitranina ny fiaraha-monina iainantsika ankehitriny. Anisan'ny manana fanafody amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Ny fijoroan'ny olom-pirenena sy ny fandraisany andrakitra no andrasany ary efa nisy sy misy ankehitriny ny ezaka ataony amin'izany. Ny fifandraisana: 034 17 460 53.

**Aris**




*Tsy fanajana ny zon-olombelona ny sabotsy teto teto Antananarivo.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 449**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0448)

***Mitsivalana***
- Manoroka
- Avy
- Ilaozana
- Maria – AN
- BOA – Neny
- Kianja
- Hao – soa (miv)

***Mitsangana***
- Maimbo
- Lao
- Niaraka
- Ol – lo
- Razana
- Ova – Ena
- Kinanjo
- Saina (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 449

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | ■ | | |
| 2 | | | | | | ■ | | | | |
| 3 | | | | | | | | | ■ | |
| 4 | | | | | | | ■ | | | |
| 5 | | | | ■ | | ■ | | ■ | | |
| 6 | | ■ | | | | | | | ■ | |
| 7 | | | | | | | | | | ■ |
| 8 | | | | ■ | ■ | | | | | |
| 9 | ■ | | | | | | | | ■ | |
| 10 | | | | | | ■ | | | | |

**Mitsivalana**

**1.** Firavaka – Naoty **2.** Zava-maniry – Lavon'ny toaka (miv) **3.** Notapahina, nolaniana **4.** Midaboka, mianjera (miv) – Tampisaka **5.** Hita ao amin'ny alamo – Làlam-pirenena **6.** Foto-tenin'ny atrehina **7.** Didim-poitra **8.** Taova – Azo amin'ny vorona **9.** Betaona **10.** Tanàna malaza – Matoanteny

**Mitsangana**

**A.** Fitafiana manja **B.** Marika – Karazana valizy (miv) **D.** Valam-parihy hoy ny tantara **E.** Omby (miv) – Marina – Renintsoratra mitovy **F.** Lany tanteraka – Mpanondro **G.** Tovona (miv) – Doro tanety (miv) **H.** Hita ao amin'ny laoka – Sokatra tsy misy lohany **I.** Tovona – Volana maro (miv) **J.** Lio – Ariary – Sakoroka (BR) **K.** Tsiahy – Menaka

### Valiny Teny mifanaraka 0448

**Mitsivalana**

**1**. Milaza - Osa **2**. Hova (miv) - Elo (miv) **3**. Matio - Ario **4**. Avotra **5**. Irahinao **6**. Dina - Anosy (miv) **7**. Roa - Ma - Sa **8**. (F)it(o) - Mahitsy **9**. Variana **10**. Adino - Lafo

**Mitsangana**

**A** Mamandrika **B**. Vavy (miv) - Toy (miv) **D**. Lotoina - VI **E**. Ahitra - Man **F**. Ora - Maro **G**. Ao - Ahiady **H**. Là(lana) - Si (miv) - Lay (miv) **I**. Antsonareo (miv) **J**. Fasana (miv) **K**. Avokoa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Kolo TV

**Lasibatry ny lakrimôzena sy ny tifitra ny fiaran'ny filoha Marc Ravalomanana ny sabotsy teo, raha izao zava-nitranga izao dia tena misy mifofo ny ainy amin'ireo herim-pamoretana.**






**Ny fisamboran'ireo herim-pamoretana ny kandidà Jean Jacques Ratsietison omaly, teny amin'ny manodidina ny kianjan'ny 13 mey.**











**Ny hetsika am-pilaminan'ny Vondron'ny kandidà omaly nanodidina ny kianjan'ny 13 mey.**

